FIJOROANA VAVOLOMBELONA MOMBA NY HELO AVY AMIN'IREO TANORA KOLOMBIANA 7 MIANADAHY

(Tanora Kolombiana 7 no nentin'i Jesosy Kristy nitsidika ny Helo. Saingy 6 ihany no aroso antsika noho ny tsy fahatomombanana tsara teo amin'ny fandraisam-peo nandritra ny fijoroana vavolombelona).

Fijoroana vavolombelona voalohany

11 Avril 1995 : *Nanehoan'Andriamanitra fanambaràna izahay, izay nanova mihitsy ny lalanay teo amin'ny fitondràna ny fiainanay. Izahay moa raha ny marina dia vao nanomboka nahalala an'Andriamanitra sy ny Teniny. Tanora fito mianadahy izahay no nahazo tombony manokana avy amin'Andriamanitra ary nanana andraikitra lehibe hizara izany zava-miafina izany amin'izao tontolo izao.*

Tokony ho tamin'ny 10 ora maraina no nanomboka ny zavatra rehetra. Nivavaka izahay alohan'ny handehanana hitsangatsangana tamin'io andro io. Tampoka teo, indro nisy hazavana fotsy namirapiratra avy eo amin'ny varavarankely iray. Raha vao niseho io hazavana io, izahay tsirairay avy dia niteny tamin'ny fiteny tsy fantara ary natao Batisa tamin'ny Fanahy Masina.

Tamin'izany fotoana izany, dia gaga avokoa izahay rehetra tamin'ny zavatra izay hitanay. Io hazavana be voninahitra io dia nameno ny efitra iray manontolo ary mahery lavitra noho ny masoandro ny heriny. Teo afovoan'izany famirapiratana izany, dia nahita anjely amin'arivony izahay, miakanjo fotsy. Mahavariana ny endrik'izy ireo, sady lehibe no tsara tarehy tsy misy toa azy.
Teo afovoan'ireo anjely ireo, dia nahita zavatra toa tsy mampino izahay, tarehin'olombelona. Olona hafa loatra izy io, miakanjo fotsy lava. Ny volony dia volamena mahafinaritra. Tsy afaka nahita ny endriny izahay, satria mamirapiratra loatra Izy. Mitondra fehikibo volamena eo amin'ny valahany Izy, ary misy Soratra hoe : **« TOMPON'NY TOMPO SY MPANJAKAN'NY MPANJAKA ».** Ny kapany ihany koa dia volamena, ary tsara tarehy tsy misy ohatr'izany Izy. Raha vao nahita Azy izahay, dia lavo niankarapoka tamin'ny tany.

Nanomboka nandre ny feony izahay avy eo. Hafa loatra sady maha-te ho tia, fa isaky ny teny aloaky ny vavany dia tahaka ny misy sabatra maranitra manindrona ny fonay araka ny voalaza ao amin'ny **Hebreo 4 :12** izany. Tsotra nefa mahery ny Teny nambarany taminay ***: « Ry zanako, aza matahotra ianareo, Izaho no Jesosy avy any Nazareta. Namangy anareo Aho, mba haneho anareo zava-miafina izay hotantarainareo any an-tanan-dehibe, any amin'ny firenena, any am-piangonana ary any amin'ny toerana rehetra. N'aiza n'aiza anirahako anareo, dia mandehana, ary raha mandrara anareo koa Aho tsy handeha amin'ny toerana iray, dia aza mandeha ».***

Ny BAIBOLY izay tsy hafa fa Tenin'Andriamanitra dia milaza ao amin'ny ***Joela 3 :1 fa : « Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho. Dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitàna ».*** Fotoana omanin'Andriamanitra hoan'izao tontolo izao io.
Avy eo, nisy zavatra hafahafa niseho. Nisy vatolampy iray nipoitra teo amin'ny efitrano, ary ny Tompo izay teo afovoanay dia nandidy anay hipetraka teo amin'io vatolampy io. Tokony ho 20 sm miala eo amin'ny tany no misy io vatolampy io, ary hita ao ambanin'ny gorodona misy lavaka lehibe dia lehibe tokoa. Lavaka ngezabe, sady mainty no mampatahotra.

Tampoka teo, nianjera avy eo amin'ilay vatolampy izahay, ary dia nidina tamin'izany lavaka izany. Aizina tanteraka no tao anatiny ary dia tafidina tany amin'ny afovoan'ny tany tany ambany tany izahay.

Nihorohoro tokoa izahay nandritr'izany fotoana izany. Niteny tamin'ny Tompo izahay : 'Tompo o, tsy tianay ny handeha amin'ity toerana ity. Aza entina aty izahay ry Tompo ! Avoahy ato izahay ry Tompo ! « Namaly anay tamim-pitsikiana sy tamim-pitiavana fatratra ny Tompo : « Ilaina ho anareo ny miatrika izao zavatra izao, satria hahita ianareo ary afaka hiteny amin'ny hafa ».

Tonga tao amin'ny tonelina miendrika tandroka izahay. Ary nanomboka nahita aloka maro, devoly sy endrika mitambolombolona mifindrafindra toerana. Nandroso nidina lalina hatrany izahay. Segondra vitsy fotsiny, nahatsiaro fahafoanana tanteraka izahay, ary natahotra mafy dia mafy.
Rehefa farany, tonga teo anoloan'ny lavaka vitsivitsy izahay izay misy varavarana mampatahotra. Tsy te hiditra tao anatin'izany izahay. Fofona mampihoron-koditra no renay ary hafanana manempotra. Rehefa tafiditra tao izahay, zavatra mahatsiravina no hita tao. Io toerana io dia atelin'ny afo tanteraka ary vatan'olona an-tapitrisany no hitanay tao. Mijaly sy fadiranovana izy ireo. Mampangovitra loatra izany fahitana izany. Tsy tianay ho jerena akory ny zavatra naseho anay.

Mizarazara ireo toeram-pijaliana sy famaizana ireo. Ny faritra voalohany nasehon'ny Tompo anay dia « ny sahan'i Kidrona ». Vilanibe an-tapitrisany no hitanay miraikitra amin'ny tany, ary rano afo mangotraka no ao anatin'ny tsirairay avy. Ao anatin'ny vilany tsirairay avy, dia misy fanahin'olona very aty amin'ny afobe aorian'ny fahafatesany.
Tamin'ny fotoana nahitan'ireo fanahy ireo ny Tompo, dia nikiakiaka sy niantso vonjy izy ireo nanao hoe : « Tompo o mamindrà fo aminay, mba ataovy manana fanantenana hiala ato amin'ity toerana ity izahay. Tompo o, avoahy hiala amin'ity toerana ity aho hahafahako milaza amin'ny olona rehetra ny fisian'izao zavatra izao ».
Fa tsy nijery azy ireo ny Tompo. An-tapitrisany no isan'izy ireo, lehilahy, vehivavy ary tanora no teo amin'io faritra iray io.

Hitanay ireo lehilahy manambady lehilahy, ireo vehivavy manambady vehivavy, ireo mpisotro toaka, samy ao amin'io toerana io avokoa. Izy ireo dia mikiakiaka mafy tokoa noho ny fijaliany.
Tena tohina mafy tokoa izahay mahita hoe hatraiza ny fahapotehan'ny vatan'izy ireo. Miditra sy mivoaka amin'ny vavan'izy ireo ny kankana, amin'ny sofiny ary amin'ny masony efa koaka. Mifanaraka tsara izany amin'izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny ***Isaia 66 :24 hoe : « Ary hivoaka izy ireny ka hijery ny fatin'ny olona izay efa niodina tamiko, fa ny kankany tsy ho faty ary ny afo tsy hovonoina, ary hataon'ny nofo rehetra ho fahavetavetana izy ».*** Toy izany koa ao amin'ny ***Marka 9 : 44 : « Any ny kankany tsy maty ary ny afo tsy azo vonoina ».*** Nampihorohoro ny zavatra hitanay : ny lelafo dia mahatratra hatramin'ny 3 ka hatramin'ny 5 metatra ny hahavony. Isaky ny lelafo dia ahitana ny fanahin'ny olona very izay tonga any amin'ny afobe.

Nanome alalana anay ny Tompo hibanjina olona iray ao anaty vilanibe. Mitsingoloka izy io ary ny nofo eo amin'ny tarehiny dia mikirazorazo. Nijery ny Tompo avy ao amin'ny toerana misy azy izy. Avy eo nikiakiaka niantso an'i Jesosy izy : « Tompo o mamindra fo amiko, mba avoahy ato amin'ity toerana ity aho ». Fa tsy te hijery azy Jesosy Tompo, ary nahodiny ny lamosiny. Rehefa nanao izany fihetsika izany ny Tompo, dia nanomboka nanozona ny Tompo sy niteny ratsy Azy io lehilahy io. Tsy iza io fa i **Jhon Lennon**, mpikambana ao amin'ny mpihira atao hoe « Les Beatles ». John Lennon dia olona nihomehy sy naneso ny Tompo nandritry ny andro niainany. Nilaza izy fa ny fivavahana kristiana dia ho foana, ary Jesosy Kristy dia tsy ho tsarovan'ny rehetra intsony. Any amin'ny helo io lehilahy io amin'izao fotoana izao, fa Jesosy kosa dia velona mandrakizay. Tsy foana na oviana na oviana ny fivavahana kristiana.

Rehefa nandeha nandalo ny faritra samihafa izahay, tanana marobe no mitsotra manandrify anay mitady famindram-po. Mangataka amin'i Jesosy izy ireo mba hamoaka azy ireo tao, fa tsy nijery azy ireo akory ny Tompo !

Tonga tamin'ny faritra izay tena mampihorohoro indrindra tao amin'ny afobe izahay. Tao no nisy ny fijaliana fara-tampony indrindra ary ao afovoan'ny Afobe no misy azy. Tsy azon'ny tenin'olombelona hazavaina ny fisehoan'ny fangirifiriana sy ny fijaliana ao. Ny olona ao amin'io toerana io dia tsy misy afa-tsy ireo izay efa nahalala an'i Jesosy Kristy irery ihany sy ny Tenin'Andriamanitra. Efa Mpitandrina izy ireo taloha, mpitory Filazantsara, Missionnaire ary karazan'olona maro izay efa nanaiky an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy, saingy nanompo Tompo roa, sady mamy ny atsy no fy ny aroa. Tao ihany koa ireo niverin-dalana. Ny fijalian'izy ireo dia in'arivo lavitra noho ny sasany. Nikiakiaka sy niangavy famindrampo tamin'ny Tompo izy ireo, saingy ny Tenin'Andriamanitra dia milaza ao amin'ny ***Hebreo 10 :26-27 : « Fa raha minia manota isika rehefa nahazo ny fahalalana tsara ny marina, kanefa nihemotra, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony fa fiandrasana mahatahotra ny fitsaràna ary fahatezerana mirehitra izay handany ny fahavalo rehetra kosa ».***

Tonga ao izy ireo, satria na dia nitory teny aza izy ireo, nifady hanina, nihira sy nanandra-tanana tao am-piangonana, dia hafa noho izany kosa ny toetrany teny an-dalana sy tany an-trano. Nijangajanga izy ireo, nandainga, nangalatra. Tsy afaka handainga amin'Andriamanitra isika. Ny Baiboly dia milaza fa ***« Izay nomena be dia be no ho tadiavina aminy, ary izay nampitehirizina be, dia be koa no hadinina aminy » (Lioka 12 :48).***

Navela ihany koa izahay hahita vehivavy anankiroa, izay rahavavy tao amin'ny Tompo fony mbola tety ambonin'ny tany, saingy tsy niaina tamin'ny fahamarinana loatra teo anatrehan'ny Tompo. Dia nifampiampanga tao izy ireo. Hoy ny iray : **« Aoka ho voaozona ianao ! Hadisoanao matoa aho tonga taty amin'ny Afobe ! Tsy nitory tamiko ny Filazantsara ianao! Tsy nilaza ny marina tamiko ianao, izany no nahatonga ahy aty amin'ny Afobe ».** Samy milaza izay filazany eo izy ireo ao amin'ny Afobe ary mifankahala, satria tsy misy fitiavana intsony na famindram-po na famelan-keloka any amin'ny Helo.
Fanahy amin'arivony izy ireo no efa nahalala ny Tompo sy ny Tenin'Andriamanitra, saingy ny fiainan'izy ireo kosa dia tsy nadio teo anatrehan'Andriamanitra. Tsy afaka hilalao an'Andriamanitra na ny Afobe isika, hoy ny Tompo. Niteny taminay koa Izy : **« Ry zanako, ny fijaliana rehetra izay heverintsika any ambonin'ny tany dia tsy misy dikany miohatra amin'izay misy aty amin'ny Helo ».**

Raha mahatsiravina ny fijaliana nahazo ireo izay ao amin'ny Helo, nefa mbola heverina fa ambanimbany kokoa, hanao ahoana kosa ny fahorian'ireo izay mbola ao amin'ny afovoan'ny Afobe. Dia niteny ny Tompo, fa any ambonin'ny tany, afaka milalao afo ny olona, fa aty amin'ny Afobe kosa tsy afaka hanao izany.

Nanohy nijery ihany ny faritra samihafa tao amin'ny helo izahay, ary nasehon'ny Tompo karazan'olona samihafa izahay. Afaka nahita izahay fa karazana fijaliana enina samihafa no sedrain'ny olona very. Misy fanahy very ampijalian'ny devoly amin'ny fanasaziana maro samihafa. Ny iray amin'ireo sazy mihatra amin'izy ireo dia **ny feon'ny fieritreretany** : « Tadidinao ve, raha nitory taminao izy ireo, tsaroanao ve fa tamin'ny ianao nihaino ny Tenin'Andriamanitra dia nolazainy anao ny momba ny Afobe. Dia nihomehy ianao tamin'izay ». Mampahory azy ireo ny feon'ny fieritreretany, tahaka ny kankana ihany koa izay mamakivaky ny vatan'izy ireo sy ny afo izay mandoro in'arivo lavitra noho izay heverintsika aty ambonin'ny tany. Izany no valisoa omen'ny devoly ho an'ireo izay mitady sy manaraka azy.

Ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny ***Apokalypsy 21 :8 dia milaza fa : « Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara. Izany no fahafatesana faharoa ».***

Avy eo dia nentin'ny Tompo teo amin'ny lehilahy iray izay nahafaty olona 6 izahay. Nanodidina azy ireo olona 6 ireo ary nikiakiaka hoe : « Hadisoanao no nahatonga anay aty ! Noho ianao ! Noho ny fahadisoanao ! » Manampina ny sofiny ilay mpamono olona saingy tsy afaka manao izany izy, satria any amin'ny Afobe dia maranitra lavitra ny fandrenesana noho ny aty ambonin'ny tany.
Hetaheta lozan-tany no mihatra amin'ny olona very any amin'ny Afobe. Tsy misy azo atao hahafa-po izany hetaheta izany, tahaka ny tantaran'i Lazarosy sy ilay mpanan-karena ao amin'i **Lioka 16 :19**. Ilay mpanan-karena dia mba nitady rano na dia indray mitete ihany aza. Hoy ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny ***Isaia 34 :9 « Ary hovana ho tonga dity ny renirano any Edoma, ary ho solifara ny vovo-taniny, ary ny taniny ho dity mirehitra ».***

Ao amin'io toerana io dia samy ao afovoan'ny lelafo ny fanahy very. Toy ny mahita renirano eo anoloan'ny Afo izy ireo. Nefa rehefa miezaka hanatona eo amin'io toerana io, dia mivadika afo izany. Mahita zavatra toy ny voankazo misy ranonyihany koa izy ireo, nefa rehefa miezaka hanakatra izany, dia may ny tanan'izy ireo ary ampijalian'ny devoly avy eo.

Nentin'ny Tompo tamin'ny toerana izay mbola ratsy lavitra noho ny teo ihany koa izahay. Hitanay ny farihy afo sy solifara. Eo amin'ny sisiny iray amin'ny farihy, dia misy iray kelikely kokoa. Ao amin'io farany io, dia misy olona an-tapitrisany mitomany sy mangataka famindram-po amin'ny Tompo : « Tompo o, raha mety ianao, avoahy ato izahay na dia fotoana kely fotsiny aza, miangavy anao Tompo o, mba omeo fahafahana hiala tato izahay ». Na izany aza, tsy afaka manao na inona na inoa ho azy ireo ny Tompo satria ny fitsarana azy ireo dia efa vita !

Tao anatin'izany fanahin'olona an-tapitrisany izany, dia navelan'ny Tompo hibanjina olona iray izahay ka ny tapany ambany ao anaty afo. Navelan'ny Tompo hahafantatra sy hahalala ny ao an-tsainy izahay. Ny anarana'io lehilahy io dia Mark. Variana izahay tamin'ny teny nataon'io olona io. « Raha azoko atao ny manome ny zavatra rehetra ho anareo mba hahafahako mankeo amin'ny toerana misy anareo ary hahafahako miverina any ambonin'ny tany, na dia 1 minitra aza. Tsy mampaninona ahy na izaho aza no olona mahantra indrindra, ankahalaina indrindra na marary indrindra any ambonin'ny tany, vonona hanome izay rehetra azo atao na amin'ny fomba ahoana hahafahako miverina any ambonin'ny tany ».
Nohazonin'i Jesosy ny tanako, ary namaly ny tenin'i Mark izy : « Mark, fa nahoana ianao no te hiverina any ambonin'ny tany na dia 1 minitra ihany aza ? » Dia niteny izy hoe : « Tompo o, na inona na inona takiana amiko dia omeko hahafahako miverina any ambonin'ny tany na dia 1 segondra aza, mba hahafahako mibebaka sy ho voavonjy ».

Rehefa naheno ny teny izay nolazain'i Mark ny Tompo, dia hitako fa nisy ra nivoaka avy ao amin'ny holatra teo amin'ny tanany, ary vonton-dranomaso ny tavany. Niteny izy avy eo hoe : ***« Mark, tara loatra ianao ! Ny kankana no ho fandrianao amin'izao fotoana izao ary izy ireo no lamba irakofanao » (Isaia 14 :11).*** Raha vao niteny izany ny Tompo, dia nilentika tany amin'ny farihy izy ary tsy tazana intsony. Indrisy, tsy misy fanantenàna intsony ho an'ny fanahy very. Isika izay mbola ety ambonin'ny tany ankehitriny no mbola misy fanantenàna ary afaka mibebaka mba hahazoana ny lanitra, miaraka amin'i Jesosy Kristy Tompontsika.

Fijoroana vavolombelona faharoa avy amin'i Lupe

Ry rahalahy malala, ho tahian'Andriamanitra anie ianareo ! Ndeha ho vakiantsika ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny ***Salamo 18 :10 : « Dia nitaingina kerobima Izy ka nanidina, eny nanidina faingana tamin'ny ela-drivotra Izy ».*** Rehefa nanolotra ny tanany tamiko ny Tompo, dia nofikiriko ny tanany ary nidina ny Tonelina. Arakaraky ny nidinananay dia niha-maizina ny Tonelina ary tsy hitako intsony na dia ny tanako aza.
Tampoka teo, dia nandalo zavatra mainty sy mieoloelo izay renay izahay. Tena aizina mikitroka no tsapa, ka na ny rindrin'ny Tonelina aza tsy hita. Haingana dia haingana ny fidinanay, ary tsapako fa toa hisaraka amin'ny vatako ny fanahiko.
Fotoana fohy taorian'izay, naheno zavatra masiso sy maimbo toy ny fofom-paty aho. Miha-mitombo isan-tsegondra izany fofona ratsy izany. Avy eo, nandre ny feon'olona an-tapitrisa tapitrisa aho, mikiakiaka, mitomany ary mitoloko tsy misy farany. Tena nihoron-koditra aho, nitodika tany amin'ny Tompo aho ary niteny taminy hoe : « Tompo o, ho entinao aiza aho ? Tompo o, mamindrà fo amiko ! ». Tsotra ny valin-tenin'ny Tompo ; « Ilaina ny hahitanao ny zavatra aty, mba hahafahanao mitantara izany amin'ny olona rehetra ».

Dia nitohy nandeha tamin'ny tonelina miendrika tandroka izahay, ary tonga teo amin'ny toerana iray izay tena maizina tanteraka. Toa ohatry ny nisarika lamba rideau be anankiray aho, ary hitako lelafo an-tapitrisany. Ny tena zava-doza, maheno olona mitoloko sy mitrona aho, nefa izaho tsy mahita olona. Ary hoy aho : « Tompo o, mangataka aminao aho, mamindra fo amiko, mangataka aminao aho, mamindra fo amiko, aza avela ato amin'ity toerana ity aho ! Avelao ny heloko ! ». Tamin'io fotoana io, tsy fantatro mihitsy hoe nentina hijery ny Helo fotsiny aho. Teo akaikin''i Jesosy aho, saingy nangovitra nipararetra, ary nihevitra aho fa izay no vita ny amin'ny fiainako manontolo.
Avy eo, niroso nankeo amin'ny lelafo teo anoloanay izahay. Ngeza dia ngeza ny lelafo ary mandoro izaitsizy. Nandroso nidina moramora ihany aho, ka nahita lelafo marobe sy olona miara-mitomany sy mitoloko.

Nahita latabatra vita amin'ny hazo izay tsy mety levon'ny afo aho. Nisy tavoahangy na labiera teo ambonin'io latabatra io. Raha jerena dia ohatry ny hoe rano mahafa-ketaheta no tao anatiny, nefa afo no nameno ireo tavoahangy ireo. Ary iny nisy olona tampoka niseho. Potika ny nofony, feno fotaka ny sisa amin'ny akanjony tsy may. Tsy hita intsony ny masony, ny vavany ary ny volony, main'ny afo. Afaka mahita ahy izy na dia tsy misy maso aza. Mampahatsiaro anareo aho, fa ny fanahin'ny olona dia mahita, mandre, mieritrertra ihany koa, fa tsy ny vatan'olombelona ihany.
Nanatsotra ny tanany efa mahia kozatra tamin'ny Tompo izy, sady nitomany ary niteny hoe : « Tompo o, mamindra fo amiko, mamindra fo amiko, may aho, mirehitra aho, miangavy anao aho, mamindrà fo amiko ary esory ato amin'ity toerana ity aho ». Nijery azy tamim-pitiavana ny Tompo, ary dia nahatsapa zavatra nafàna tamin'ny tanan'ny Tompo aho. Nojereko, hay ra no nivoaka tao amin'ny tanany, nandritry ny fotoana nibanjinany an'io lehilahy izay nijaly tao anaty afo io.

Nitodika nandroso teo amin'ny latabatra ilay lehilahy, nandray ny tavoahangy ary niomana hisotro, saingy setroka sy afo no nivoaka avy ao. Nanemotra ny lohany izy, ary nihiaka mafy, tsy tahaka ny henoko teo aloha. Nikiakiaka mafy aok'izany izy, ao anatin'ny fijaliana fadiranovana, ary nisotro izay tao anatin'ny tavoahangy. Hay asidra no tao anatin'ilay tavoahangy, ary nanapotika tanteraka ny tendany izany, nandrovitra ihany koa ny vavoniny.
Tazana tsara ny asidra namakivaky ny vavoniny sy nanapotika izany. Misy marika 666 misoratra eo amin'ny handrin'io lehilahy io. Misy takela-by izay tsy maty levon'ny afo na lanin'ny kankana eo amin'ny tratrany, misy soratra ihany koa, saingy tsy hainay ny mamaky ilay soratra eo. Dia nohazavain'ny Tompo. Izao io soratra io hoy Izy **: « Tonga eto aho satria mpisotro toaka ».** Nitaraina tamin'ny Tompo izy nangataka famindram-po, saingy mazava ny voalazan'ny Tenin'Andriamanitra : ***« Ny mpangalatra sy ny mpierina sy ny mpimamo sy mpanaratsy ary ny mpanao an-keriny dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra » (I Kor 6 :10).***

Indro, nasehon'ny Tompo ahy ny ora farany niainan'io lehilahy io tety ambonin'ny tany, tahaka ny nampiseho horonan-tsary na film. Luis no anarany ary tao amin'ny bar izy tamin'izay. Hitako tao amin'io toerana io ny latabatra sy ny tavoahangy izay tazako taty amin'ny helo. Samy nipetraka nanodidina io latabatra io izy sy ny namany. Ary niara-nisotro teo i Luis sy ny namany. Ilay tena namany akaiky azy kosa avy eo, nandray tavoahangy, novakiany izany ary natsindrony an'i Luis, ary avy eo izy dia rifatra nitsoaka.
Ritra teo amin'io toerana io ny ran'i Luis ary mazava ho azy fa izay no vita ny aminy, maty tsy nanana ny Tompo. Tao anatin'izany rehetra izany, nanoloana ny kiakiakan'ny fanahy very any amin'ny helo, dia nanontany ny Tompo aho hoe : « Tompo o, mba ambarao ahy, mba nahalala anao ve io lehilahy io tany ambonin'ny tany ? Nahafantatra ny famonjenao ve izy ? ».

Nalahelo ny Tompo namaly ahy : « Eny ry Lupe, nahafantatra Ahy izy. Nanaiky ahy ho Mpamonjy izy, saingy tsy nanompo Ahy ». Natahotra ihany koa aho nandre izany. Vao mainka nitomany mafy i Luis sady nikiakiaka hoe : « Tompo o, tena maharary ! Tena maharary ! Miangavy Anao aho, mamindrà fo amiko ! Nanatsotra ny tanany tamin'ny Tompo izy, saingy ny tanako no noraisin'i Jesosy, ary lasa nanalavitra ny lelafo izahay, sady nandeha. Vao mainka koa niredareda ny afo nandoro an'i Luis ary nitomany mafy dia mafy izy : « Mamindra fo amiko ry Tompo ! Mamindrà fo amiko ! Dia nilentika tao anatin'ny afo izy !

<u>Ilay vehivavy mpangalatra</u>
Niroso ihany ny dianay. Ity toerana ity indray dia sady midadasika no mampatahotra ihany koa. Nanatona teo amin'ny lelafo iray izahay ary hoy aho tamin'ny Tompo : « Tompo o, tsy te hahita olona hafa intsony aho, mamelà ny heloko, tsy te hijery intsony aho ! ». Nakimpiko ny masoko, saingy na nikimpy na nihiratra dia nahita foana aho. Somary nidina ny lelafo, ary indro nahita vehivavy iray aho. Feno fotaka izy, ary rakotra kankana ihany koa. Kely sisa ny volony eo amin'ny lohany ary ny vatany dia loditry ny fotaka sy ny kankana. Lanin'ny kankana ny tenan'ilay vehivavy iray manontolo. Nihiaka mafy izy : « Tompo o,mamindra fo amiko, mamindrà fo amiko, mamelà ny heloko ! Jereo anie aho e ! mijaly ! Mamindrà fo amiko ! Esory hiala eto amiko ireto kankana ireto ! Esory eto amin'ity toeram-pijaliana ity aho ». Ary nibanjina azy tamin'alahelo ny Tompo. Rehefa nihazona ny tanan'ny Tompo izahay, dia tsapanay ny fahoriam-po mianjady aminy noho ny alahelony an'ireo fanahy very izay mirehitra sy may mandrakizay any amin'ny helo. Tsy manana maso, ary tsy misy molotra intsony io vehivavy io, fa saingy afaka mahita sy mahatsapa ny zavatra mahazo azy izy, ary mandre ny fangirifiriana mianjady aminy. **Mihazona tavoahangy misy asidra eny an-tanany izy, saingy izy kosa mihevitra izany ho ranomanitra**. Hitako tsara fa asidra io ampiasainy io, ary isaky ny manatsefotra izany amin'ny vatany izy, dia main'ilay asidra. Na izany aza, dia tsy mijanona mampiasa io heveriny ho ranomanitra io izy. Manitrikitrika izy ary manamafy fa ranomanitra ihany io asidra io, ary ilay tena lafovidy mihitsy. Milaza izy fa mitondra vakana tsara tarehy, nefa ny zavatra hitako dia bibilava no mihodidina ny tendany. Mieritreritra ihany koa izy fa mitondra bracelet lafo vidy, nefa ny marina dia kankana mirefy eo amin'ny 30 sm eo ho eo no mandoaka tsy manana antra ny taolany. Nilaza izy fa ireo daholo ny firavaka izay ananany, saingy izaho kosa nahita fa maingoka sy kankana no nandravaka ny vatany iray manontolo. Mitondra takela-by eo amin'ny tratrany izy, ary misy soratra hoe : **« Tonga eto aho satria mpangalatra ».** Io vehivavy io dia tsy mba nanenina ny amin'ny fahotany.

Nanontany azy ny Tompo : « Magdalena, nahoana ianao no tonga eto ? ». Namaly izy : « Tsy dia nampaninona ahy ny nangalatra ny zavatry ny hafa. Ny tena zava-dehibe tamiko dia ny firavaka sy ny ranomanitra sarobidy. Tsy nampaninona ahy ny nangalatra rehefa tena te-hanana ireny zavatra ireny aho ». Dia nihazona ny tanan'ny Tompo aho, ary hitako ny kankana nandoaka ny tenan'ilay vehivay iray manontolo.
Niezaka nihodina i Magdalena, toa nitady zavatra. Nanontany ny Tompo indray aho hoe : « Tompo o, mba nahalala anao ve io vehivay io ? ». Namaly ahy ny Tompo : « Eny tena nahafantatra Ahy izy ».

Nitodika nanodidina azy i Magdalena ary niteny tamin'ny Tompo hoe : « Tompo o, fa nankaiza ilay vehivavy niresaka tamiko ? Aiza izy ? Izaho izao efa 18 taona eto amin'ny afobe ». (Ny olona rehetra any amin'ny afobe dia mahatsaro tsara ny zavatra rehetra). Hoy ihany izy : « Aiza iny vehivavy iny ? Toa tsy hitako izy ? Dia hitako fa tsy afaka mihodina ny vatany, satria tsy afaka mihetsika. Nanandrana nihodina izy, ary nijery manodidina, nihevitra ny hahita ilay vehivavy nitory taminy. Dia hoy ny Tompo : « Tsia, tsia, ry Magdalena, tsy ato amin'ity toerana ity izy. Io vehivavy izay niresaka taminao ny momba Ahy io, any amiko any am-paradisa izy ».

Rehefa nahare izany ilay vehivavy, dia nitsoraka tao anaty afo izy, ary vao mainka koa nirehitra taminy ny lelafo. Ny soratra teo amin'ny tratrany dia nanameloka azy, amin'ny maha-mpangalatra azy. Tiako ny mba hamakianao ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny ***Isaia 3 :24 manao hoe : « Ary ny manitra hosoloana ny maimbo, ary ny fehinkibo tsara hosoloana ny mahazaka, ary ny volo voavoatra tsara hosoloana ny boriana, ary ny akanjo miebanebana hosoloana ny lamba fisaonana, ary ny hatsaran-tarehy hosoloana ny tomboka amin'ny vy mahamay ».***

Ny toeran'ny mpandainga

Rehefa nanohy ny dianay niaraka tamin'ny Tompo ihany izahay, dia nahita andry anankiray feno kankana. Nanodidina azy, dia nisy toerana fikorisàna vita amin'ny vy mena sady mirehitra. Misy takelaka mazava, tazana na aiza na aiza, misy soratra hoe : **« Tonga soa ny mpandainga sy ny mpamafy lainga »**. Ery amin'ny faran'ny fikorisàna, dia misy rano mirehitra, solifara mandoro. Nahita olona iray mitanjaka tanteraka aho, ary miraikitra eo amin'ny faran'ny fikorisàna. Rehefa mianjera ao amin'ny rano mirehitra izy ireo, dia mivoaka lavabe ny lelany ary mipoaka avy eo, ary ny kankana no misolo ny lelany. Izany no fiandohan'ny fijalian'ny mpandainga. Jereo ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny ***Salamo 73 : 18-19 : « Eo amin'izay mahasolafaka tokoa no ametrahanao azy, ary aripakao ho ringana izy. Hia, rava indray mipi-maso izy ! Levona izy, matin-java-mahatahotra izy ! »***

Rehefa avy nahita izany izahay dia nivoaka ny afobe. Tiako ny mampahafantra anao fa tena misy ny afobe sy ny lanitra ary mihoatra lavitra noho izay noeritreretintsika. Eto amin'izao toerana misy antsika izao isika no afaka misafidy ny lalana izay alehantsika, na isika ho any amin'i Jesosy mandrakizay, na hirehitra any amin'ny afo mandrakizay ihany koa. Ny Tompo dia niteny fa raha tsy misy fahamasinana dia tsy hahita Azy isika **(Hebreo 12 :14).** Averiko aminao koa izany fa ***« raha tsy manana fahamasinana isika dia tsy hahita ny Tompo ».*** Ary izay nanaiky ny Tompo ho Mpamonjy ihany no hamasinina.

FIJOROANA VAVOLOMBELONA FAHATELO AVY AMIN'I SANDRA

Ny Tenin'Andriamanitra dia milza fa : ***« Aza matahotra izay mamono ny tena fa tsy mahay mamono ny fanahy, fa matahora izay mahay mamono ny fanahy sy ny tena ho any amin'ny helo » (Matio 10 :28).***

Raha vao tonga any amin'ny helo ny fanahy iray dia mandray vatan'ny fahafatesana izy. Noraisin'i Jesosy ny tanako ary nidina tamin'ny Tonelina maizina sady lalina izahay, izay nanitsy avy hatrany any afovoan'ny tany. Tonga teo amin'ny toerana iray izay nisy varavarana marobe izahay, nivoha ny anankiray tamin'izy ireo, ary dia niditra tao niaraka tamin'ny Tompo izahay. Tsy te hanalavitra ny tanan'ny Tompo mihitsy aho, fa raha tsy izany dia ho tavela any amin'ny afobe mandrakizay aho.

Rehefa nandalo io varavarana io izahay dia nahita rindrina ngezabe. Nahita olona amin'arivony mihantona amin'ny rindrina amin'ny alalan'ny farango vy aho, ny tanan'izy ireo dia mifatotra. Afaka nahita olona amin'arivony mijoro ao anaty lelafo ihany koa izahay.

Nanantona ny iray tamin'ireo lelafo ireo izahay. Ary nanomboka niha-nalefaka ny lelafo. Indro nahita lehilahy iray tao anatin'io afo io aho, mitondra ny akanjon'ny pretra, izay rovidrovitra sy potipotika.

Feno kankana mandehandeha any anatiny sy ivelan'ny tenan'io lehilahy io. Efa may sy mikarainkona izy noho ny afo. Ny masony dia efa nivoaka ny toerana nisy azy, ary ny hodiny dia mitsonika sy miraraka amin'ny tany. Nefa rehefa miraraka avokoa ny nofo, dia mitsiry indray avy eo.
Rehefa nahita an'i Jesosy io lehilahy io dia niantsoatso hoe : « Tompo o, Tompo o, mamindrà fo amiko ! Miangavy anao aho, mba avelao aho hiala ato amin'ity toerana ity na dia iray minitra ihany aza ». Nisy takela-by nipetraka teo aminy nanao hoe : **« Ato amin'ity toerana ity aho satria nangalatra ».**

Rehefa nanatona Jesosy, dia nanontany an'io lehilahy io Izy : « Iza moa ny anaranao ? ». Namaly izy hoe : « Andrew, Andrew ny anarako ry Tompo ». « Efa nanomboka oviana ianao no tato ? », hoy ihany ny Tompo. Dia namaly Andrew : « Efa ela dia ela aho no tato ». Ary nanomboka nitantara ny fiainany io olona io. Nanazava izy fa ny andraikiny dia ny nanangona ny fahafolon-karena tao amin'ny Fiangonana nisy azy ary mandamina ny fizarana vola ho an'ny mahantra tao amin'ny Fiangonana.
Nangalariny anefa ny vola tamin'izany. Nijery azy tamin'ny maso onena ny Tompo ka niteny hoe : « Efa nandre ny Filazantsara anefa ve ianao ? ». Hoy Andrew : « Eny Tompoko, indray andro nisy vehivavy kristiana tonga tao amin'ny Fiangonanay nitory ny Filazantsara, fa tsy nanaiky azy aho. Tsy te hino azy aho tamin'izay fotoana izay, fa amin'izao kosa, mino aho ! Ary mino aho fa tena marina ny zavatra nolazainy ! Miangavy anao aho ry Tompo, mba avoahy ato aho, na dia fotoana fohy ihany aza ».
Rehefa niteny izy, nivoaka avy ao amin'ny masony ny kankana, nandady any amin'ny sofiny ary niverina any anaty vavany. Niezaka nanala izany tamin'ny tanany izy, fa tsy afaka. Nikiaka lozantany izy ary tsy nitsahatra nangataka ny famindram-pon'Andriamanitra. Tsy nitsahatra nangataka tamin'i Jesosy izy mba hanala azy hiala ao amin'io toerana io. Zava-doza ihany koa anefa, avy ny devoly manindrona azy amin'ny lefona. Ny endriky ny devoly dia mitovitovy amin'ny saribakoly antsoina hoe « Jordanos ». Hitako tany amin'ny afobe ireny saribakoly ireny, saingy tsy saribakoly intsony izy any fa sady velona no manana hery demoniaka. Iray metatra eo ho eo ny halavany ary manana nify maranitra dia maranitra. Misy ra mivoaka ny vavan'izy ireo ary ny masony mena dia mena.
Ary tsindromin'ireo devoly ireo amin'ny fara-heriny i Andrew sy ireo izay ao amin'io faritra iray ao amin'ny afobe io.

Rehefa nahita izany aho dia niteny tamin'ny Tompo fa nahoana no misy saribakoly eny ambonin'ny tany tena mitovy tsy misy valaka amin'ity devoly ity. Namaly ny Tompo fa ireo devoly ireo dia fanahin'ny fahalelovana.

Nanohy ny lalanay ihany izahay, ary nahita olona amin'arivony ao anatin'ny fijaliana. Raha vao misy fanahy very iray mahita ny Tompo, dia manatsotra ny tanany izy ireo mba hisarangotra Aminy. Nanamarika vehivavy iray izay nikiakiaka aho, rehefa nahita ny Tompo izy : « Tompo o, miangavy anao aho, miangavy anao aho, esory ato amin'ity toerana ity aho ». Tena fadiranovana fatratra izy ary manatsotra ny tanany nanandrify ny Tompo. Tsy nitsahatra izy ny nitalaho ny amoahana azy tao na dia iray segondra ihany aza. Mitanjaka tanteraka izy ary feno fotaka ny tenany. Maloto ny volony ary feno kankana mandady ny tenany iray manontolo. Miezaka ny hanala ireo izy, fa isaky ny misy tsirairay afaka, dia mitombo izaitsizy indray ny hafa. Mirefy eo amin'ny 15 ka hatramin'ny 20 sm eo ho eo ny kankana iray. Marina ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny **Marka 9 :44** manao hoe : ***« Any ny ny kankany tsy maty ary ny afony tsy azo vonoina. »***

Tena mampihoron-koditra ny mahita an'io vehivavy io mijafajafa ary ao anatin'izany ny kankana mirangorango mihinana ny nofony. Misy takela-by misoratra eo amin'ny tratrany, manao hoe : **« Ato amin'ity toerana ity aho noho ny fijangajangana »**. Satria efa ra nikoriana tao aminy ny fijangajangana, dia terena hanao izany ihany koa izy any amin'ny afobe, miaraka amin'ny bibilava maharikoriko. Io bibilava io dia feno tsilo lavabe ny vatany iray manontolo. Mitsofoka ao amin'ny maha-vehivavy azy io bibilava io ary mivoaka any amin'ny tendany. Rehefa mitsofoka ao aminy ilay bibilava, dia mikiakiaka izy.

Nitalaho mafy tamin'ny Tompo izy mba hanala azy ao amin'io toerana io : « Tompo o, tonga ato aho noho ny fijangajangana, efa fito taona izao, taorian'ny nahafatesako noho izaho tratry ny SIDA. Enina no isan'ny sakaizako ary tonga eto aho noho ny fijangajangana ». Ao amin'ny afobe, dia tsy mitsahatra mamerina ny fahotana izy sy mitanisa izany. Tsy manana fitsaharana izy, na andro na alina, fa dia fadiranovana toy izany foana, tsy an-kijanona. Niezaka izy nanatsotra ny tanany tamin'ny Tompo saingy namaly azy Jesosy : Blanca, tara loatra ianao. ***« Ny kankana no ho fandrianao ary ny kankana ihany koa no lamba irakofanao » (Isaia 14 :11).*** Rehefa niteny izany izy, indro norakofan'ny lelafo izy ary tsy hitako intsony .

Dia nizotra ihany izahay, ary nahita olona amin'arivorivony aho. Misy tanora, lehibe ary antitra mijaly ao amin'io toerana io. Tonga teo amin'ny toerana iray tahaka an'ireny dobo filomanosana ireny izahay, feno lehilahy sy vehivavy amin'arivony. Izy ireo dia samy mitondra takela-by eo amin'ny tratrany : **« Ato amin'ity toerana ity aho satria tsy mba nanome fahafolon-karena sy fanatitra ».** Rehefa avy namaky izany aho, dia nangataka tamin'ny Tompo nanao hoe : « Tompo o, inona no antony nahatonga ireto olona ireto ato noho izany zavatra izany ? ». Namaly ahy ny Tompo : « Marina izany, satria ny olona dia mihevitra fa tsy dia tena zava-dehibe ny fahafolon-karena sy ny fanatitra na dia voasoratra ao amin'ny Teniko aza izany **(Malakia 3 :10).** Ao amin'ny **Malakia 3 :8-9** dia voasoratra hoe : ***« Handoba an'Andriamanitra va ny olona ? Amin'inona moa nandrobanay Anao ? Amin'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra. Voaozona amin'ny ozona hianareo, dia hianareo iray firenena izao satria mandroba ahy hianareo ».***

Nohazavain'ny Tompo fa rehefa mihazona ny fahafolon-karena ny olona, dia misy fiantraikany any amin'ny asan'Andriamanitra izany, ary tsy voatory ny Filazantsara. Ny olona ao amin'io toerana io dia mijaly lavitra noho ny amin'ny toerana hafa, satria nahalala ny Tenin'Andriamanitra izy ireo saingy tsy nanatanteraka.

Rehefa nanohy ny dianay izahay, dia naneho ahy olona iray ny Tompo. Afaka nahita azy hatrany an-tampon-doha ka hatrany am- paladia aho. Ary naseho ahy tamin'ny fahitana ny fomba nahafatesany. Rogelio no anarany. Tao anatin'ny fiarany izy raha iny nisy olona iray nanantona azy mba hitory ny Filazantsara ary nanome azy Baiboly iray. Fa tsy noraharahian'i Rogelio izany fampitandremana izany ary dia nandeha nizotra ihany izy, saingy tsy fantany fa ho tratry ny loza izy ao aloha kely ao. Latsaka tany amin'ny hantsana ny fiarany ary maty teo no hoe i Rogelio.
Tamin'io fotoanan'ny loza io dia nisokatra indrindra teo amin'ny pejy nisy ny **Apokalypsy 21 :8** ny Baiboly : ***« Fa ny osa sy ny tsy mino, ny vetaveta sy ny mpamono olona, ny mpanompo sampy ary ny mpandainga dia hanana ny anjarany any amin'ny farihy afo sy solifara, dia ny fahafatesana faharoa ».*** Rehefa avy namaky an'io i Rogelio, dia maty ary tonga any amin'ny afobe.
Vao roa volana no nahatongavany tao amin'ny afobe ary mbola hita ny nofo eny amin'ny tavany. Na izany aza, mijaly toy ny sasany rehetra izy. Tamin'ny voalohany dia tsy nahalala izy hoe nahoana no aty amin'ny afobe. Fantatro fa rehefa nanatona an'i Rogelio teo amin'ny fiarany ilay kristiana, dia mbola famonjena farany azy izany. Toy izany koa, maro ny olona no mbola nanana fotoana afaka nararaotina. Ankehitriny, miangavy anao aho mba hanokatra ny fonao ho an'i Jesosy. Izy irery ihany no lalana, fahamarinana ary fiainana (Jaona 14 :6). Tsy misy afa-tsy amin'ny alalany irery ihany no ahazoantsika famonjena sy ny fanjakan'Andriamanitra. Miangavy antsika ny Tompo hanaraka ny lalana ao anatin'ny fahamasinana sy ny voninahitra. Ho tahian'Andriamanitra hianao !

FIJOROANA VAVOLOMBELONA FAHEFATRA

Ho tahian'Andriamanitra hianareo ry rahalahy. Rehefa nandray ny tanako ny Tompo, dia hitako fa nitsangana teo amin'ny vatolampy iray aho, ary tao aorianany dia nahita anjely aho. Nanomboka nidina tamin'ny tonelina izahay ary faingana dia faingana izany. Tampoka teo, nihodina aho ary hitako fa lasa ilay anjely. Nihorohoro fatratra aho.

Nanontany ny Tompo aho nanao hoe : « Tompo o, nankaiza ilay anjely ? Nahoana izy no tsy eto intsony ? Niteny ny Tompo : « Tsy afaka handeha any amin'ny toerana andehanantsika izy ».
Nitohy nidina ihany izahay ; ary tampoka teo, dia nijanona, tahaka ny ascenseur tonga any amin'ny farany ambany. Nahita tonelina marobe aho. Ary tonga tamin'ny toerana iray izay nolazain'ny anabavy Sandra anareo teo izahay, izay nahitana olona mihantona amin'ny farango vy eo amin'ny lohany ary mifatotra ny vatany. Ny rindrina izay misy azy ireo dia lava tsy misy farany. Olona an-tapitrisany no mihantona eo. Feno kankana ny vatan'ny olona iray manotolo. Nibanjina teo aloha aho, ary indro nahita rindrina iray hafa, mitovy tsy misy hafa amin'ny ilay anankiray teo. Niteny tamin'ny Tompo aho rehefa nahita izany : « Tompo o , tena be olona be ato amin'ity toerana ity ».
Niaraka tamin'izay, nisy andinin-tSoratra Masina tonga tao anatin'ny saiko, andinin-tSoratra Masina izay tsy mbola fantatro. Dia niteny tamiko ny Tompo : ***«Ny fiainan-tsy hita sy ny fandringanana tsy mety voky » (Ohab 27 :20).***

Niala teo amin'io toerana io izahay ary tonga teo amin'ny faritra iray nantsoina hoe : **« Sahan 'i Kidrona ». Vilanibe feno fotaka mirehitra sy mangotraka no hitanay.** Nanatona ny iray tamin'izy ireo izahay. Ny olona izay hitako voalohany dia vehivavy. Ny vatany dia mbetika mipoitra, mbentika milentika ao anatin'ny fotaka mangotraka, fa rehefa nijery azy kosa ny Tompo dia nijanona tsy nihetsika nijoro tao anaty vilany izy, ary nipoitra ny teo amin'ny valahany no miakatra. Nanontany azy ny Tompo : « Ravehivavy, iza no anaranao ? » Ary namaly izy : « Ny anarako dia Rubiella ».
Ny volony dia feno fotaka mangotraka ary ny nofony dia miraikitra amin'ny taolany efa maintin'ny afo. Miditra avy eo amin'ny lavaka eo amin'ny masony ny kankana ary mivoaka eo amin'ny vavany, avy eo indray miditra eo amin'ny orony ary mananika ny sofiny. Rehefa tsy afaka miditra ny kankana, dia mandoaka faritra iray amin'ny vatan'ny olona izy, izay mitarika fanaintainana tsy hay lazaina.
Nikiakiaka izy : « Tompo o, mitaraina aminao aho, avoahy hiala eto amin'ity toerana ity aho, tsy afaka hiaritra ny toy izao intsony aho ! Ajanony izao zavatra izao ry Tompo ! Raha mety ianao, mamindrà fo amiko !
Nanontany ny antony nahatonga azy tao ny Tompo. Tonga ao izy noho ny **avonavona**. Misoratra amin'ny takela-by rahateo eo amin'ny tratrany rahateo izany soratra izany. Eny an-tanany misy tavoahangy, tahaka ny tavoahangy rehetra ihany, ny fijeriny azy kosa anefa dia toy ny ranomanitra sarobidy. Nalain'i Rubiella izany ary dia nohosorany ny vatany iray manontolo, saingy hay asidra no tao fa tsy ranomanitra ary dia nampitsonika ny ny nofony rehetra izany ary nitarika fangirifiriana lozan-tany. Niantsoantso ny Tompo izy nanao hoe : Tompo o, miangavy Anao aho, tsy afaka mijanona ato intsony aho, iray segondra fotsiny ry Tompo ! ».

Izaho akory tsy miteny aminareo hoe fahotàna ny mampiasa ranomanitra, fa ny Tompo kosa dia nanazava taminay fa lasa tany amin'ny helo io vehivavy io vokatry ny ranomanitra, araka izay voalaza ao amin'ny Tenin'Andriamanitra hoe : **« Aza manana andriamani-kafa fa Izaho ihany ».** Ao amin'io toerana io izy satria ny hatsaran-tarehiny, ny ranomanitrany, ary ny avonavony no lohalaharana teo amin'ny fiainany. Ny Tompo anefa no Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo. Izy no tokony ho lohalaharana eo amin'ny fiainantsika, izany no antony nahatonga io vehivavy io ao amin'ny helo. Nibanjina azy tamin'alahelo ny Tompo ka niteny hoe : « Rubiella, tara loatra ianao fa ny kankana no ho fandrianao sy lamba irakofanao ». Rehefa niteny izany ny Tompo dia nisy afo nandrakotra ny vatany manotolo. Rehefa nirehitra tao anaty vilanibe ny vatany iray manontolo dia nijafajafa aoka izany izy.
Niala teo amin'io toerana io izahay ary nanatrika varavarana anankiray lehibe. Nanatona ihany izahay ary dia nisokatra ho azy teo anatrehanay ireo varavarana ireo. Tao aorian'ireo varavarana ireo dia nisy lavaka ngezabe. Rehefa nijery aho, dia hitako loko isan-karazany mihetsiketsika tahaka ny setroka. Tampoka teo dia naheno mozika izahay : salsa, ballenato, rock ary karazana feon-kira mamim-bahoaka maro izay fihainoan'ny olona amin'ny radio. Nanao marika kely tamin'ny tanany ny Tompo, ary indro hitanay olona an-tapitrisa an-tapitrisa mifamatotra amin'ny rojo vy eny an-tanany. Ary mitsambikimbikina ao anaty afo izy ireo.

Nijery anay ny Tompo ary niteny hoe : **« Jereo fa izao no karaman'ny mpandihy »**. Tsy maintsy mitsambikimbikina izy ireo manaraka ny gadon'ny mozika. Ohatra raha salsa dia manaraka ny figadon'izany, ary toy izany koa ny gadon-kira rehetra.
Tsy afaka mijanona na oviana na oviana tsy hitsambikina izy ireo. Ny zava-doza ihany koa, ny kiraron'izy ireo dia avo vodi-tongotra mahatratra 15 sm ny haavony. Isaky ny misambikina izy ireo, ny vodikirarony dia manindrona ny tongony ary tsy manana na dia fotoana kely aza hitsaharana. Raha vao misy mitady hijanona, dia avy ny devoly mivatravatra ary manindrona azy ireo amin'ny antsy, manozona azy ireo sady miteny hoe : « Derao izy. Ato ny fanjakanao izao. Derao Satana ! Derao izy ! Tsy mahazo mijanona ianao ! Derao izy ! Derao izy ! Tsy maintsy midera azy ianao ! Misôtisôty ! Tsy maintsy mandihy ianao. Tsy mahazo mijanona ianao na dia iray segondra aza ! ».
Tena mampihoron-koditra satria betsaka amin'ireo olona ireo no kristiana nahafantatra ny Tompo, izay tany amin'ny Boites de nuit, rehefa tonga tampoka ny fahafatesany avy eo.
Mety manontany angamba ianao hoe : « Aiza ao amin'ny Baiboly moa no milaza fa tsy azo atao ny mandihy ? ». Ao amin'ny **Jakoba 4 :4** dia milaza ny Tenin'Andriamanitra fa : ***« Ry mpisintaka mpijanganjanga, tsy fantatrao va fa fandrafiana an'Andriamanitra ny fisakaizana amin'izao tontolo izao ? Koa na iza na iza te ho sakaizan'izao tontolo izao dia fahavalon'Andriamanitra izy »s.*** Toy izany koa ao amin'ny ***I Jaona 2 : 15-17 : « Aza tia an'izao tontolo izao, na izay zavatra eto amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia an'izao tontolo izao, dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray. Fa ny zavatra eto amin'izao tontolo izao, dia ny filan'ny nofo, sy filan'ny maso ary rehaka momba an'izao fiainana izao, dia tsy avy amin'ny Ray fa avy amin'izao tontolo izao ihany. Ary mandalo izao fiainana izao sy ny filany, fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay ».***
Tsarovy fa mandalo izao tontolo izao ary tsy maintsy ho faty ny olona rehetra, fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra kosa dia ho velona mandrakizay.

Ry namako sy rahalahiko, rehefa nandao io toerana io izahay dia nahita zavatra tahaka ny tetezana izay manasaraka ny faritry ny toeram-pijaliana tsirairay avy ao amin'ny afobe. Nahita fanahy iray nandeha tamin'ny tetezana izahay. Hitanay fa io fanahy io dia miendrika saribakoly izay efa fahita ety ambonin'ny tany. Ny anaran'izy ireo dia antsoina hoe : « Treasures Trolls ». Samihafa avokoa ny lokon'ny volon'izy ireo, ny tarehiny dia tarehin'antitra fa ny vatany kosa vatan'ankizy, ary tsy manana taovam-pananahana izy ireo. Masiaka dia masiaka ny fijery ny mason'izy ireo. Nohazavain'ny Tompo taminay fa **fanahin'ny fahaverezana ireo fanahy ireo**. Manana lefona eny an-tanany izy ary dia mandeha miedinedina eo amin'ilay tetezana, tahaka ny tompon'izany fanjakana izany.

Rehefa nandroso izahay, dia hitanay fa tsindrominy lefona avy aty ambony ny olona. Dia manozona sy mandatsa azy ireo izy manao hoe : « Tadidinareo ve tamin'ny andro izay nijanonanareo tao ivelan'ny Fiangonana ka tsy nety niditra ianareo ? Tsaroanareo koa ve tamin'ny fotoana nitoriana teny taminareo nefa tsy nety nihaino ianareo ? Ary tamin'ilay fotoana nanomezana anareo trakta kely, saingy narianareo izany ? Miezaka manampina ny sofiny ireo fanahy very sady mamaly an'ireo devoly : « Mangina ianao. Mangina ianao. Aok'izay, aza miteny amiko tahaka izany intsony ! Tsy te hahafantatra an'izany intsony aho ! Mangina ianao ! Nefa mahafaly dia mahafaly ny devoly ny manao izany satria mampahory dia mampahory ireo fanahy very ny mandre izany.

Dia roso ihany ny dianay niaraka tamin'ny Tompo. Tojo vahoaka marobe izahay no indro nisy lehilahy iray niantsoantso mafy mihoatra ny rehetra izay nirehitra tao anaty afo : Ray o, Ray o mamindrà fo amiko ! Tsy nijery azy akory ny Tompo talohan'izay, saingy rehefa nandre ny teny hoe Ray Izy dia nangovitra ary niteny hoe : « Ray, miantso Ahy hoe Ray ianao ? » Tsy Rainao Aho ary ianao koa tsy zanako. Raha zanako ianao dia ho efa niaraka tamiko tany amin'ny fanjakan'ny lanitra. Ianao dia zanaky ny devoly rainao. Rehefa izany dia rakotry ny afo ny vatany iray manontolo.

Notantarain'ny Tompo anay ny momba io olona io. Niantso an'i Jesosy hoe Ray io olona io satria nahafantatra Azy. Nandeha tany am-piangonana ary nihaino ny Tenin'Andriamanitra io lehilahy io, ary nahazo Teny fikasàna na fampanantenàna be dia be. Ka nanontany izahay : « Fa inona no nitranga ry Tompo no dia izao no niafarany ? ». Nanazava ny Tompo : « Nanompo tompo roa izy : hafa ny fiainany any an-trano ary hafa ny any am-piangonana. Izao no noeritreretiny tao am-pony : « Tsy misy mahita ahy, na ny mpitandrina, na ny rahalahy, afaka manao izay tiako atao aho ». Saingy adinony fa ny mason'ny Tompo anie ka manerana izao rehetra izao, amin'ny alehantsika rehetra ary tsy misy olona mahazo mandainga na miafina eo anatrehan'Andriamanitra.
Izao no voalazan'ny Tenin'Andriamanitra : ***« Aza mety hofitahina hianareo, Andriamanitra tsy azo vazivaziana, fa izay afafin'ny olona no hojinjany » (Gal 6 :7).*** Io lehilahy io dia mijaly in'arivo heny mihoatra ny hafa. Heloka roa sosona no hanadinana azy : ny voalohany dia ny fahotany, ary ny faharoa dia ny mamitaka an'Andriamanitra na mamazivazy Azy.
Amin'izao fotoana izao, ny olona dia tahaka ny manakilasy ny karazana fahotana ho lehibe sy kely. Misy mihevitra fa ireny samy lehilahy mifanambady na vehivavy mifanambady, mpamono olona sy ny mpangalatra ireny no tena mpanota lavitra mihoatra ny mpandainga sy ny mpamitaka. Eo imason'Andriamanitra, mitovy avokoa ny fahotana sy ny tambiny. Ny Baiboly dia milaza fa : ***« Fahafatesana no tambin'ny ota » ; « Ny fanahy izay manota no ho faty » (Romana 6 :23 ; Ezekiela 18 :20).*** Ry namako, ry rahalahiko, ekeo ny fiangavian'i Jesosy anao. Manatsotra ny tanam-pitiavany sy mamindra fo aminareo ny Tompo raha mibebaka ianareo. Ny Tenin'Andriamanitra dia milaza fa hahazo famindram-po izay vonona hanova ny lalany sy hibebaka. Izao no fotoana tokony hinoana izany, toy izay mangatak'andro ka hahita ny lalan-tsarotra aoriana kely. Ho tahian'Andriamanitra ianareo !

FIJOROANA VAVOLOMBELONA FAHADIMY

Izao no voalazan'ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny ***Romana 6 : 23 : « Fa fahafatesana no tambin'ny ota, fa fiainana mandrakizay kosa no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika ».***
Rehefa nidina izahay, dia tsapako ny fanaintainana nihatra ary efa nihevitra aho hoe ho faty. Tena nihorohoro aho tamin'izay zavatra rehetra hitako. Tsinjoko fa tena olona be dia be tsy hita isa no ao amin'ny toeram-pahaverezana, izy rehetra ireo dia mikiakiaka sy mitomany. Maizina tanteraka ilay toerana, fa teo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra kosa, dia nisinda ilay aizina. Afaka nahita olona amin'arivony mangataka fanampiana sy famindram-po izahay. Miantsoantso ny Tompo izy ireo mba hamoaka azy tao. Nahatsapa fahoriana lalina izahay raha nahafantara ihany koa fa ory dia ory ny Tompo raha nahita azy ireo.
Maro tamin'izy ireo no niteny tamin'i Jesosy mba hamoaka azy tao na dia iray segondra ihany aza. Nanontany azy ny Tompo : Fa maninona ianao no te hiala ato ? Namaly izy ireo hoe : « Te ho voavonjy aho, te hibebaka aho mba ho voavonjy ». Indrisy anefa, fa tara loatra izany ho azy ireo.

Ry mpamaky malala, izao no fotoana mety hisafidiananao ny anjaranao mandrakizay. Afaka mifidy ianao ny toerana ho any amin'ny famonjena mandrakizay na ny toerana ho fanamelohana mandrakizay.
Nidina ambany ihany izahay. Hitako fa ny tany izay idinanay dia manomboka potika noho ny afo ; fotaka sy lelafo no mivoaka avy ao. Heno na aiza na aiza ihany koa ny fofona ratsy. Tena nandoa sy fanina izahay noho ny fofona sy ny kiakiaky ny olona.

Nahita olona iray izay mirehitra hatreo amin'ny valahany tao anaty fotaka izahay. Isaky ny manetsika ny tanany izy dia milatsaka ao anaty fotaka ny nofo amin'ny sandriny. Hitanay ihany koa fa misy setroka mivoaka avy ao amin'ny taolany. Nanontany ny Tompo izahay hoe iza moa io lehilahy io ?
Io karazana setroka io dia hita isaky ny olona very any amin'ny afobe. Nanazava ny Tompo fa io karazana setroka io dia ny fanahin'ny olona tsirairay migadra ao amin'ny nofony, araky ny voalazan'ny ***Apokalipsy 14 :11 : « Fa ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay, ary tsy manam-pitsaharana na andro na alina izay miankohoka manoloana ny bibidia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany ».***

Nanomboka nahalala zavatra izay tsy fantatray teny ambonin'ny tany izahay. Ny hafatra mazava dia: ny fiainantsika ety ambonin'ny tany no mamaritra ny mandrakizaintsika.

Rehefa nandeha nifampitantana tamin'ny Tompo izahay, dia nahita fa ny afobe dia mizarazara ho toeram-pijaliana maro. Tonga teo amin'ny toerana iray izay nisy fonja marobe nahitana fanahy tsy tambo isaina migadra ihany koa izahay. Ireo fanahy very ireo dia ampijalian'ny devoly marobe. Manozona ireo fanahy very ireo ny devoly sady mandatsa azy ireo hoe : « Voaozona ianao ry ilay fadiranovana ity ! Derao Satana ! Tompoy izy tahaka izay nataonao teny ambonin'ny tany ! » Mijaly fadiranovana aoka izany izy ireo noho ny kankana ; ny afo ihany koa dia tahaka ny asidra mihinana ny vatany.

Nahita olona anankiroa tao amin'ny fonja anankiray izahay, samy manana antsy eny an-tanany avy izy ireo ary mifanindrona. Mifamaly izy : « Aoka ho voaozona ianao ry ilay tsy vanona ity ! Hadisoanao no nahatonga ahy aty ! Tonga aty aho satria nafeninao ahy ny marina ary tsy nampahalalainao ahy ny Tompo ! Tsy mba navelanao handray Azy aho ! Imbetsaka aho no tokony hanana anjara famonjena fa saingy tsy navelanao ! Izany no mahatonga ahy hijaly aty andro aman'alina ».
Navelan'ny Tompo hahafantatra ny fiainan'izy roa lahy ireo teny ambonin'ny tany tamin'ny alalan'ny fahitana izahay. Hitanay tao amin'ny Bar izy roa lahy ireo, raikitra ny fifamaliana sy ny ady ary efa samy mamo izay roalahy. Ny iray naka vaky tavoahangy ary ny iray nandray antsy. Rafitra niady izy ireo ary samy naratra mafy noho ny zava-maranitra teny an-tanany ka samy namoy ny ainy avy eo. Noho izany dia samy voaheloka izy roa lahy ireto hamerina mandrakizay izany zava-doza niseho teo amin'ny fiafaran'ny fiainany izany. Dia ampijalian'ny fahatsiarovana ny fiarahany tamin'ny zava-dratsy tety ambonin'ny tany koa izy ireo. Olona tena nifankatia mihoatra lavitra noho ny mpirahalahy izy ireo fony teny ambonin'ny tany.

Te- hiteny aminao aho anio, fa misy ny tena Namana marina azo itokiana. Ny anarany dia JESOSY AVY ANY NAZARETA . Izy no TENA NAMANA azo itokiana AFAKA MIARAKA AMINAO AMIN'NY FOTOANA REHETRA .
Rehefa nandeha ihany izahay dia nahita vehivavy tao amin'ny fonja iray. Mikodiadia ao anaty fotaka izy. Misavoritaka sy feno fotaka ny volony. Ao anatin'io fonja ihany koa dia misy bibilava ngezabe. Mihetsika izy io, sady mihodidina ny vatany ary avy eo miditra any amin'ny maha-vehivavy azy. Voatery manao firaisana ara-nofo amin'io bibilava io izy. Ao amin'io toerana io, ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra izay niaina tamin'ny fijangajangana dia voatery tsy maintsy mamerina izany any amin'ny afobe. Voatery hanao izany amin'ny bibilava feno tsilo ny tenany iray manontolo izay mahatratra any amin'ny 15 sm any ho any. Mandrotika ny vatany iray manontolo ilay bibilava isaky ny miditra ao aminy. Nitomany tamin'ny Tompo ilay vehivavy mba hampijanona izany. Tsy te hijaly izy. Ajanony izao ry Tompo o. Tsy te hanao izao intsony aho. Miangavy Anao aho, ajanony izao ! Mitaraina amin'ny Tompo izy, nefa etsy andaniny ny biblava dia tsy mitsahatra manao ny ataony sady mamotika ny vatany iray manontolo !
Niezaka izahay nanampina ny sofinay mba tsy handrenesanay ny feo, fa toa heno foana. Niteny tamin'ny Tompo izahay : « Tompo o, tsy te hahita sy handre zavatra tahaka izao intsony izahay ! Mifona aminao izahay ! »

Dia namaly ny Tompo : « Ilaina ny ahitanareo izao zavatra izao mba hahafahanareo miteny amin'ny hafa satria miha-ringana ny oloko, tsy mahalala ny tena famonjeko ny vahoakako, dia ny lalana mankany amin'ny famonjena marina ».

Nanohy ny dianay ihany izahay, ka nahita farihy ngezabe anankiray nahitana olona amin'arivony ao anaty lelafo. Manandratra ny tanany mitady famonjena izy ireo, saingy devoly maro no manidintsidina eo ambonin'io toerana io. Mampiasa lefona misy lohany miendrika farango ireo devoly ireo. Ampiasainy izany handratrany ny olona ao anatin'io farihy io. Mandatsa azy ireo ny devoly ka miteny hoe : Lozanao ry ilay fadiranovana ity. Izao ianao tsy maintsy midera an'i Satana ! Derao izy tahaka ny nataonao teny ambonin'ny tany ! Olona amin'arivorivony no ao amin'io toerana io. Nihorohoro izahay, tsapanay fa raha tsy ny tanan'ny Tompo no nihazona anay, dia tavela tao amin'io toerana mampatahotra io izahay. Nihoron- koditra izahay tamin'ny zavatra izay tsapanay.

Dia nahita lehilahy ihany koa izahay, nitsangana sy nitaraina mafy noho ny fijaliana lozan-tany izay nahazo azy. Devoly anankiroa no manidina eo amboniny sy mampijaly azy. Loahin'ny devoly amin'ny alalan'ny lefona eny an-tanany ny vatany ary alain'ny devoly avy ao ny taolan-tratrany. Mikakakaka mihomehy hatrany izy ireo amin'izany. Nasehon'ny Tompo ihany koa fa mijaly noho ny tebiteby ny amin'ny fieritreretana ny fianakaviany ety ambonin'ny tany io lehilahy io. Tsy tiany ho tonga aty amin'ity toeram-pijaliana ity ny vady aman-janany. Miady saina amin'izany izy satria tsy nampita ny hafatra momba ny famonjena tamin'ny ankohonany. Mampahory azy ny fahatsiarovana fa indray mandeha, tokony nandray ny hafatry ny Filazantsara izy. Tokony nampita izany hafatra izany tamin'ny ankohonany izy, saingy tsy nataony izany. Nanao an-tsirambina izany izy taloha, saingy izao kosa izy tsy tafandry mandry ny amin'ny vady aman-janany.
Raha mbola mitohy ny fijaliany, no indro tapahin'ny devoly ny sandriny, ary avy eo izy mianjera ao anaty fotaka mirehitra. Noho ny fangirifiriana vokatry ny fotaka mirehitra, dia miolakolana tahaka ny kankana izy ao anaty fotaka. Mihintsana miala amin'ny taolany ny nofony noho ny hafanana. Mandady tahaka ny bibilava izy miezaka ny hiala tao saingy isaky ny mikasa hanao izany izy dia atosiky ny devoly hiverina ao.
Nahita izahay devoly be dia be tao amin'io toerana io izahay. Indro, nisy zavatra nahaliana ahy, nanamarika aho fa nisy devoly iray tsy nanana afa-tsy ny elatra tokana. Dia nanontany ny Tompo aho : « Fa naninona no tsy teo ny elany anankiray ? Io devoly io dia anjely nirahina teny an-tany mba hanao ny asa nanirahana azy, saingy tsy vitany izany ary naterin'ny miaramilan'i Jehovah anankiray aty amin'ny helo izy. Noho izany, avy Satana nanasazy azy ka nanapaka ny elany iray ». Nanomboka fantatray, fa isika kristiana dia manana ny hery sy ny fahefàna rehetra afaka hanapotika ny devoly sy ny fanjakany rehetra amin'ny anaran'i Jesosy.

Ry havana malala izay mamaky izao hafatra izao. Izao fijoroana vavolombelona izao dia tsy ho fanamelohana antsika akory fa ho famonjena antsika kosa. Afaka mandini-tena isika tsirairay avy ary afaka mijery ny toe-pontsika eo anatrehan'ny Tompo. Ny anton'izany dia mba anovanao ny lalanao eo anatrehan'ny Tompo ho amin'ny famonjena fa tsy ho amin'ny fanamelohana. Dia asandrato amin'ny Tompo ny fonao ary ekeo ny fahotanao. Ary raha ho avy ny Tompo amin'izao fotoana izao dia afaka hiaraka aminy ianao, fa tsy ho any amin'ny toeram-pijaliana izay misy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify. Any amin'io toerana io vao tena fantatra ny hoe nahoana moa Jesosy no nividy antsika lafo tamin'ny alalan'ny hazo fijaliana teo Kalvary.

Nahita olona marobe tany amin'ny afobe izahay izay tsy mahafantatra akory ny antony nahatongavany any. Ny fiainan'izy ireo dia laniny tamin'ny fanaovana zavatra izay tsy noheveriny ho fahotana akory. Ry namako malala, mandiniha tena ianao ! Aza mihevitra ianao fa ny lainga, ny halatra, ny fieboeboana dia tsy mampaninona. Ota eo imason'ny Tompo izany rehetra izany.

Ry rahalahy, miambohoa izany zavatra izany ary aza manao izany intsony ! Omeko anareo izao hafatra izao mba hijanonanareo amin'ny fahotana ary hibanjinanareo ny tavan'ny Tompo.

Ny vilanibe andrahoana ny fanahy very (eo amin'ny sary), ahitana ny setroka mivoaka avy amin'ny taolan'ny olona izay tsy hafa fa ny fanahy migadra ao anatiny, sy ny farihy mirehitra afo (eo amin'ny ankavanana).

Fijoroana vavolombelona faha-6

Salamo 62 :12 « Ary Anao koa ry Tompo o ny famindram-po, fa Hianao no mamaly ny olona rehetra araka ny asany avy ».

Tamin'ny maraina namangian'ny Tompo anay tao amin'io efitrano io, dia noraisiny tamin'ny tananay izahay ary dia nanomboka nidina izahay. Feno tahotra ny foko, ary tsy haiko ny hanambara izany. Ny fantatro dia izao: tsy afaka hiala amin'ny tanan'ny Tompo aho. Tsapako fa Jesosy no fiainako, ny fahazavako sy ny fanantenako dia ao Aminy. Raha tsy niaraka taminy dia ho tavela tao amin'io toerana io. Tsy nino mihitsy aho hoe misy izany toerana izany. Amin'ny maha-kristiana ahy, ny zavatra ninoako dia ny hoe afo fandiovana ihany no afobe, nefa noporofoin'Andriamanitra tamiko ny fisian'izany Helo izany.

Rehefa tonga tao amin'ny Afobe aho, dia tsapako fa nihorohoro io toerana io. Mihazakazaka miafina ny devoly rehetra, satria tsy mahazaka ny fanatrehan'ny Tompo izy ireo. Fantatr'ireo fanahy very ny fahatongavan'i Jesosy tao amin'io toerana ka renay niantsoantso mafy izy ireo. Fantany mantsy fa tsy misy afa-tsy Olona iray ihany no afaka hanala azy ireo ao amin'io toerana io, dia Jesosy izany. Manana izany fanantenàna izany izy ireo na dia fanatenàna diso ihany aza izany.

Tonga niaraka tamin'ny Tompo tao amin'ny toerana iray izay nisy an'ireo mpinjangajanga izahay. Nitodika Jesosy nijery vehivavy iray izay rakotry ny lelafo tanteraka.
Rehefa hitan'i Jesosy izy, dia nanomboka nipoitra avy ao anaty afo, saingy tsy nampijanona ny fijaliany akory izany. Mitanjaka izy io ary hitanay avokoa ny vatany manontolo. Maloto tanteraka ny tenany sady maharikoriko ny mijery azy. Misavoritaka ihany koa ny volony ary ny tenany iray manontolo dia feno fotaka mavomavo. Tsy misy maso intsony izy ary ny molony dia mihintsina tsikelikely. Tsy misy sofina intsony izy, fa lavaka sisa no tazana eo. Taolana mikarainkona sisa ny tanany, ary raisiny amin'ny tanany ny nofo mihintsana avy amin'ny tarehiny ary miezaka izy mamerina izany. Mitarika fangirifiriana be lavitra ho azy izany rehetra izany. Mipararetra izy ary vao mainka koa mikiakiaka lozan-tany tsy an-kijanona. Rakotra kankana ny vatany iray manontolo ary bibilava iray no mifangodiditra amin'ny sandriny. Ngezabe io bibilava io ary feno tsilo ny vatany iray manontolo. Ny marika 666 izay mariky ny bibidia dia misoratra amin'ny vatan'ilay vehivavy, araka izay voasoratra ao amin'ny Apokalipsy 4 :9-11.

Misy takela-by izay tsy mety levon'ny afo ihany koa eo amin'ny tratrany, misy soratra hafahafa izay fantatray ihany ny vakiny nanao hoe : **« Eto amin'ity toerana ity aho noho ny fijangajangàna ».**
Rehefa nahita azy Jesosy dia nanontany azy: « Elena, fa maninona ianao no tonga eto? » Sady namaly an'i Jesosy izy no miolakolana vokatry ny fijaliana, "lasa aty aho hoy izy vokatry ny fijangajangàna". Tsy nitsahatra izy ny nangataka famelan-keloka tamin'ny Tompo.
Dia naseho anay ny zava-nisy tamin'ny fotoana nahafatesany. Nanao firaisana ara-nofo tamin'ny iray amin'ny sakaizany izy. Nihevitra izy fa lasa nandeha tany an-tany lavitra ilay lehilahy miara-mitoetra aminy.

Avy niasa anefa ity farany no nahita ilay sakaizany miaraka amin'ny lehilahy hafa eo am-pandriana manao firaisana ara-nofo. Lasa nihazakazaka tany an-dakozia izy, naka antsy lavalela anankiray dia natsindrony tao amin'ny lamosin'i Elena. Maty tsy tra-drano izy ary dia nivantana tany amin'ny afobe, ary mbola nitanjaka. Any amin'ny afobe, ny zavatra natao tety ambonin'ny tany dia mbola iainana any. Hitanay fa mbola mitsindrona ao an-damosiny ihany ny antsy izay namonoana azy, ary mitarika fangirifiriana lalina ho azy izany. 7 taona izy izay no taty amin'ny afobe ary mahatsiaro foana isaky ny mihetsika, ny fiainany sy ny fahafatesany tany ambonin'ny tany. Tsaroany ihany koa ny fotoana nitorian'ny olona iray an'i Jesosy taminy izay nohamafisin'io mpitory io fa Jesosy irery ihany no afaka hamonjy azy. Saingy amin'izao fotoana izao kosa, indrisy, tara loatra ho an'ity vehivavy ity sy ireo fanahy very rehetra aty amin'ny afobe.

Ny Tenin'Andriamanitra dia miresaka betsaka momba ny fijangajangàna, ary MAZAVA TSARA IZANY. Ny atao hoe mijangajanga dia manao firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana, araka ny ***I Korintiana 6: 13 « Ny hanina dia hoan'ny kibo ary ny kibo ho an'ny hanina, nefa samy ho levonin'Andriamanitra izy roroa. Fa ny tena kosa tsy ho an'ny fijangajangàna fa ho an'ny Tompo, ary ny Tompo ho an'ny tena ».*** Noho izany dia manoro hevitra ny ***I Korintiana 6: 18*** manao hoe ***"Mandosira ny fijangajangàna. Izay fahotanar ehetra ataon'ny olona dia eny ivelan'ny tena ihany, fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany ».*** Rehefa avy niteny taminy ny Tompo dia norakofan'ny lelafo ny tenany iray manontolo ary tsy hitanay intsony izy avy eo. Na izany aza, renay ny feon'ny firehetan'ny vatany sy ny kiakiakany mampivarahontsana. Tsy haiko ny manambara izany etoana amin'ny tenin'olombelona.

Rehefa nandeha niaraka tamin'ny Tompo ihany izahay, dia nasehony anay avokoa ny karazan'olona tao amin'ny afobe toy ny mpanompo sampy, ny mpanao magie, ny tsy marin-toetra, ny nanambady lehilahy samy lehilahy na vehivavy samy vehivavy. Natahotra mafy izahay. Te hiala mafy teo amin'io toerana io izahay, fa Jesosy kosa dia nilaza fa ilaina izahay ny mahita izany zavatra rehetra izany mba hahafahanay milaza ihany koa amin'ny hafa, mba hinoan'izy ireo izany. Dia nandeha ihany izahay ary ny tananay dia nifikitra mafy tamin'ny tanan'ny Tompo.

Tonga tao amin'ny faritra iray izay tena nahavariana ahy izahay. Nahita lehilahy iray tokony ho 23 taona izahay mihantona eo amin'ny afo hatreo amin'ny valahany. Tsy dia hitanay loatra ny fijaliana mahazo azy, fa ny zava-misy dia mitondra ny mariky ny 666 ihany koa izy. Misy soratra amin'ny takela-by eo amin'ny tratrany manao ho : « Tonga eto aho toy ny olona ara-dalàna ». Rehefa nahita an'i Jesosy izy dia nanatsotra ny tanany nangataka famindram-po. Ny Tenin'Andriamanitra anefa dia milaza ao amin'ny ***Ohabolana 14:12 « Misy lalana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo lalana mivarina any amin'ny fahafatesana no hiafarany ».***
Rehefa nahita ny soratra izahay manao hoe : « Tonga eto aho toy ny olona ara-dalàna » dia nanontany ny Tompo izahay hoe ahoana izany ? Nahoana no tonga aty ny olona noho izany antony izany? Dia nitodika tany amin'ilay lehilahy ny Tompo: « Andrew, fa maninona ianao no tonga aty? ». Namaly izy: « Fony teny ambonin'ny tany aho, dia nihevitra fa ny mangalatra sy ny mamono olona ihany no atao hoe fahotana, ary izany no tsy niheverako ny hanatona Anao" (Nihevitra izy fa tsy misy antony tokony ilàny an'i Jesosy fa sady tsy mangalatra izy no tsy mamono olona).
Ao amin'ny ***Salamo 9:17 « Hiverina ho any amin'ny fianan-tsy hita ny ratsy fanahy, dia ny jentilisa rehetra izay manadino an'Andriamanitra ».*** Nanao fahadisoana i Andrew nanakilasy ny fahotana ho lehibe sy kely, tahaka izay ataon'ny olona maro amin'izao fotoana izao. Mazava izay ambaran'ny Baiboly, fa ***« fahafatesana no tambin'ny ota, fa fiainana mandrakizay kosa ny fanomezam-pahasoavana avy amin'i Jesosy Kristy Tompontsika » (Romana 6 :23).*** Fanampin'izany rehefa miresaka fahotana ny Baiboly dia tsy miresaka ambaratongan'izany velively, fa na inona na inona ota dia tsy misy kely sy lehibe fa mitovy avokoa. Andrew dia nanana fotoana tokony nahafantarana sy nandraisana an'i Jesosy, saingy tsy nahay nanararaotra ny fotoana nomen'Andriamanitra azy izy.

Angamba amin'arivony no andro tokony nandraisany fanapahan-kevitra hahalalana an'i Jesosy fa tsy te hahalala fotsiny izao izy ary izany no antony nahatongavany ao. Ary lelafo ngezabe no nandrakotra ny tenany iray manontolo ary tsy hitanay intsony izy.

Nandroso niaraka tamin'i Jesosy ihany izahay. Ery lavitra ery dia mahita zavatra toa entana mianjera izahay. Rehefa nanatona izahay, hay olona vao maty avy eny ambonin'ny tany very, azera aty amin'ny afobe, tsy nandray an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy azy tamin'ny fony izy ireo. Ary nahita devoly be nihazakazaka tany amin'ny tovolahy iray izay namotipotika ny vatany iray manontolo izahay. Tampoka teo, feno kankana ny vatany iray manontolo. Nanomboka nikiaka izy: « Fa inona ary ity? Ajanony! Tsy te ho ato amin'ity toerana ity aho! Aoka izay! Nofy ratsy angamba izao! Avoahy hiala eto amin'ity toerana ity aho! ». Tsy fantany akory hoe maty tsy nanana an'i Jesosy izy!

Tsy nitsahatra naneso sy nampijaly ny vatany iray manontolo ny devoly. Nipoitra sy nisoratra teo amin'ny handriny ny marika 666 ary takela-by teo amin'ny tratrany. Na dia tsy fantatray aza hoe inona no antony nahatonga azy aty amin'ny afobe, izahay kosa nahalala fa tsy ho tafavoaka ao intsony izy mandrakizay.
Nohazavain'ny Tompo fa amin'ny andron'ny fitsaràna dia vao mainka ho mafy lavitra ny fijalian'ireo olona ireo. Raha tena mangirifiry fadiranovana izy ireo amin'izao fotoana izao, tsy fantatro hoe hanao ahoana loatra izany amin'ny andro fitsaràna resahin'ny Tompo. Tsy nahita ankizy izahay na dia iray aza tao amin'io toerana io. Fa ny hitanay kosa dia tanora lahy sy vavy amin'arivony, lehilahy sy vehivavy avy amin'ny fokom-pirenena maro samihafa. Aty amin'ny afobe dia tsy misy fanavahana firenena na saranga. Ampijaliana sy saziana daholo ny rehetra. Ny hetahetan'izy rehetra dia mitovy avokoa, dia ny mba hahafahana miala ao amin'io toerana io na dia iray segondra ihany aza. Naniry koa izy ireo ny hahazo rano na dia indray mitete ihany aza mba hampangatsiaka ny lela, tahaka ny tantaran'ilay mpanan-karena ao amin'ny **Lioka 16 : 19**. Fa tsy ho tanteraka izany satria efa nifidy ny toerana handaniany ny mandrakizainy izy ireo, dia ny mandrakizay tsy misy an'Andriamanitra.

Andriamanitra tsy manary olona any amin'ny afobe na dia iray aza. Tonga any izy ireo noho ny zavatra nataony tety ambonin'ny tany. Hitantsika izay voasoratra ao amin'ny ***Galatiana 6 : 7 « Aza mety ho fitahina hianareo, Andriamanitra tsy azo vazivaziana, fa izay nafafin'ny olona ihany no ho jinjainy ».***
Amin 'izao fotoana izao dia tena mety hanovanao ny anjaranao mandrakizay. Jesosy dia mbola azontsika fikirina, ary ny Baiboly dia milaza fa raha mbola velona isika dia mbola manana fanantenàna. Amin'izao fotoana ahavelomanao izao, aoka tsy ho diso anjara fanararaotra ianao, mety ho farany anie e !

Ho tahian'Andriamanitra ianareo!